# Ny finoana dia fananarana

Tatitra azo avy tamin'i Tamiim Ad-dàri (R.A), niteny i Mpaminany (S.A.W) dia manao hoe : "Ny finoana dia fananarana". Dia nanontany izahay hoe : Ho an'iza? Namaly izy hoe : Ho an'i Allah sy ny bokiny, ny Irany, ireo mpitarika ary ho an'ny vahoaka silamo tsy ankanavaka".
[Mari-pototra] [Notantaraiin'i Moslim]

Nampahafantatra i Mpaminany (S.A.W) fa ny finoana dia mifototra amin'ny fahadiovam-po sy ny fahamarinana, mba hanatanterahana izany araka ny nandidian'i Allah azy, tsy misy tsirambina na hosoka. Nisy nanontany an'ny Mpaminany (S.A.W) manao hoe : Iza no tokony homena torohevitra? namaly Izy hoe : Voalohany : Torohevitra sy fananarana dia ho an'i Allah ilay Avo Tsitoha : amin'ny alàlan'ny asa amim-pahadiovam-po ho Azy, ary tsy manakambana Azy amin'ny zavatra hafa, mino ny maha-Tompo Azy, ny maha-Andriamanitra Azy, Ary mino ny anarany sy ny lazany, manome voninahitra ny didiny, ary miantso ny olona hino azy. Faharoa : Torohevitra ho an'ny Bokiny, dia ny Koroany mendri-kaja : mino isika fa io no Teniny, farany amin'ny Bokiny, ary manafoana ny lalàna rehetra teo alohany, ary manaja Azy sy mamaky Azy araka izay tokony hamakina izany, ary miasa arak'izay manapa-keviny, ary hanaiky izay mitovitovy Aminy, ary mandà ny hevitry ny mpamitaka amin'ny fandikana Azy, ary mandinika ny Toriteny, ary mampiely ny fahalalany, ary miantso amin'ny làlana mankany Aminy. Fahatelo : Torohevitra ho an'ny irany Mouhammadi (S.A.W) : Mba hinoatsika fa Izy no Farany amin'ireo Iraka maro izay nifandimby, hinoatsika ny zavatra Nentiny, hankato ny Didiny ary hiala amin'ny Fandrarany Isika, ary tsy hanompo isika afa-tsy mifanaraka amin'izay nentiny, manaja ny zony isika, ary manaja azy, hanaparitahana ny fiantsoana nataony, hanaparitahana ny Lalàny, ary Handà ny fiampangana Azy. Fahaefatra : Torohevitra ho an'ireo mpitariky ny mpino silamo : Amin'ny fanampiana azy ireo amin'ny fahamarinana, tsy miady hevitra amin'izy ireo momba ny raharaha ara-pinoana, ary mihaino sy mankatò azy ireo ao amin'ny fankatoavana manokana an'i Allah. Fahadimy : Torohevitra ho an’ny mpino silamo : Hanao tsara amin’izy ireo, hiantso izy ireo amin'ny làlana mahitsy, hanatsahatra ny fanaratsiana azy ireo, hankatia ny soa ho azy ireo, ary miara-miasa aminy amin’ny fahamarinana sy ny fatahorana an'Allah.

النجاة الخيرية
ALNAJAT CHARITY

لجنة الدعوة الإلكترونية
EDC
E-Da'wah Committee